# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Aogositra 2018

# 15 Alarobia
aogositra

**Izao no lazain'i Jehovah ... : Antsoy Aho, dia hovaliako ianao.** Jeremia 33. 2, 3

**Izaho no hiahy ny ondriko... Ny very hotadiaviko, ny voaroaka hampodiko, ny folaka hohamarako, ny malemy hohatanjahiko.** Ezekiela 34. 12, 16

## Teo anelanelan'ny lalamby

Nanoratra taminay ity lehilahy mbola tanora avy any Amerika Atsimo :

„Nanambady vao haingana aho, nefa mbola nanohy ny fahazarako nivoaka isan-kariva, mba hiara-mikorana amin'ny namako. Indray alina, tamin'ireny fotoana fisotroana ireny, dia mamo tanteraka aho, ka teny amin'ny lalamby no nandeha rehefa hody. Tafintohina aho, noho ny hamamoako, ka nianjera teo anelanelan'ny lalamby, ary raiki-tory teo. Nisy lamasinina nandalo teo amboniko, ary nandratra ahy mafy. Fahagagana no tsy nahafaty ahy, saingy voa mafy ny hazondamosiko, ka tsy afaka mandeha ara-dalàna intsony aho ankehitriny. Volana maro aho no tany amin'ny hôpitaly, ary avy eo dia ny vadiko no feno fahafoizan-tena nitsabo ahy tany an-trano.

Indray maraina, raha mbola nanontany tena ihany aho, hoe inona àry no dikan'ny fiainako, dia nahare fandaharana kristiana tao amin'ny fampielezam-peo, miresaka momba ny fahasoavan'Andriamanitra omena ny olona rehetra. Izany indrindra no nilaiko. Tsapako tanteraka ny fahadisoako rehetra. Nefa nony reko ny resaka momba ny fahasoavana sy ny famelan-keloka, dia nitomany aho noho ny fahotako. Koa nandray an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjiko aho, dia nomeny ny fiainana mandrakizay." Miaina ao anaty toe-javatra sarotra io lehilahy io, miaraka amin'ny vadiny sy ny zanany vavy. Nefa Andriamanitra, Izay noraisin'izy ireo ho Ray ankehitriny, dia manome azy ireo fiadanana sy hery isanandro.

*Ny hatsaramponao Jesosy,*
*Mpiandry mahery,*
*No manodidina ahy ao amin'ny fahoriako,*
*Miaro ahy amin'ny loza.*
*Entinao eo amin'ny fonao aho,*
*Izaho izay osa sy matetika reraka ;*
*Ny tananao malefaka sy mahery*
*No mamihina ahy.*